

# Ahoana ny Fomba Fikarakarana ny Marary

4


Ny aretina dia mampalemilemy ny vatana. Mba hahazoana hery sy ho sitrana haingana dia ilaina ny fikarakarana manokana.

**Ny fikarakarana atao amin'ny olona marary matetika dia  
ampahany lehibe indrindra amin'ny fitsaboana azy.**

Matetika dia tsy ilaina akory ny fanafody. Fa ny fikarakarana tsara no tena zava-dehibe. Ireto manaraka ireto no fototry ny fikarakarana tsara:

## 1. Ny Fankaherezana Ilay Olona Marary

ny olona marary dia tokony miala sasatra amin'ny toerana mangina ary mampiadana izay feno rivotra madio sy hazavana. Tokony tsy atao mafana loatra na mangatsiaka loatra. Raha mangatsiaka ny rivotra na mangovitra ilay olona dia tafio lamba na bodoftsy izy. Raha mafana kosa ny andro na misy hafanana ilay olona dia aza tafiana lamba mihitsy izy (jereo p. 75).



## 2. Rano



Saika ho an'ny aretina rehetra, indrindra raha manavy na voan'ny aretim-pivalanana, ilay marary dia tokony misotro rano betsaka: rano, dite, ranom-boakazo, tambavy, sns.

## 3. Fahadiovan'ny Vatana

Zava-dehibe ho an'ilay marary ny fahadiovana. Tokony ampandroina isan'andro. Raha marary be loatra tsy afaka miala ao am-pandriana ilay marary dia sasao amin'ny spaonjy na lamba kely amin'ny rano matimaty. Ny akanjony, lambam-pandriana ary lamba firakotra dia tsy maintsy atao madio. Esory tao am-pandriana ny potin-kanina.



NY OLONA MARARY DIA  
TOKONY AMPANDROINA  
ISAN'ANDRO

## 4. Sakafo Tsara

Raha te hihinana sakafo ny marary dia avelao izy ihinana.  
Ny ankabeazan'ny aretina dia tsy mila sakafo manokana.

Ny olona marary dia tokony misotro rano betsaka ary mihinana sakafo mahavelona (jereo ny Toko 11).

Raha toa ka tena vizaka be ilay marary dia omeo sakafo mahavelona izay afaka hohaniny izy im-betsaka isan'andro. Raha ilaina dia potsero ny sakafony na anamboary lasopy na ranom-boakazo izy.

Ny sakafo be otrik'aina dia tena manan-danja tokoa —ohatra hoe vary sosoa, varim-bazaha, flocons d'avoine, ovv, na mangahazo. Ny fanampiana siramamy kely sy menaka vita amin'ny zavamaniry dia mampiakatra ny otrik'aina amin'ny sakafo. Amporisiho ihany koa ilay olona marary hisotro rano nasiana siramamy betsaka, indrindra raha tsy misakafo betsaka.



Ny aretina sasantsasany dia mila sakafo manokana. Ireo dia voazava ao amin'ireto pejy manaraka ireto:

Tsy fahampian-drà . . . . .	p. 124
fery ao anaty vavony sy fivaivain'ny vavony. . . . .	p. 128
<i>apandisita</i> , fahatsentsenan'ny tsinay, aretin-kibo be (amin'ireo tranga ireo dia aza misakafo mihitsy) . . . . .	p. 93
diabeta . . . . .	p. 127
olana eo amin'ny fo. . . . .	p. 325
olana eo amin'ny afero . . . . .	p. 329
fiakaran'ny tosi-drà . . . . .	p. 125

### FIKARAKARANA MANOKANA HO AN'NY OLONA MARARY BE

#### 1. Rano

Tena zava-dehibe ho an'ny olona tena marary be ny fisotroana rano. Raha afaka misotro tsikelikely, omeo kely matetika izy. Raha zara fa afaka mitelina izy dia omeo tsikelikely isaky ny 5 na 10 minitra izy.



Refeso ny habetsaky ny rano sotroin'ilay olona isan'andro. Ny olon-dehibe iray dia mila misotro rano 2 litatra na mihoatra ary tokony mivalan-drano iray kaopy (240 ml.) in-3 na 4 isan'andro. Raha tsy misotro rano na mivalan-drano tsara ny olona iray, na maneho famantarana tsy fahampian-drano (p. 151) dia amporisiho izy hisotro rano betsaka kokoa. Tokony hisotro rano be otrik'aina izy, izay matetika nasiana sira kely. Raha toa ha tsy mahasotro izany izy dia omeo Zavapisotro Famerenan-drano (jereo p.152). Raha tsy afaka misotro betsaka amin'izany izy ary mampitombo ny famantarana tsy fahampian-drano dia afaka manome azy rano atao tsindrona (serôma) ny mpiasan'ny fahasalamana. Saingy afaka tsy manao izany raha vitanao ny mampisotro tsikelikely matetika ilay olona.

## 2. Sakafo

Raha marary mafy ilay olona ka tsy afaka mihinana ventin-kanina dia omeo lasopy, ronono, ronom-boakazo, ron-kena na rano be otrik'aina hafa izy (jereo ny Toko 11). Ny vovo-katsaka, flocons d'avoine, na vary atao sosoa dia tsara ihany koa fa saingy mila ampiarohana amin'ny sakafitaizan-kozatra. Ny lasopy dia afaka amboarina amin'ny atody, tsaramaso, na hena, trondro na akoho tsara toto. Raha tsy afaka mihinana afa-tsy kely fotsiny hatrany ilay olona dia tokony mihinana sakafitaizan-kozatra kely im-betsaka mandritra ny tontolo andro izy.

## 3. Fahadiovana

Ny fahadiovan'ny vatan'ny olona marary be dia zava-dehibe tokoa. Tsy maintsy ampandroina isan'andro amin'ny rano mafana izy.

Soloina isan'andro sy isaky ny maloto ny lambam-pandriana. Ny akanjo, lambam-pandriana, ary ny servietta maloto na misy ràn'ny olona voan'ny areti-mifindra dia mila fikarakarana manokana. Mba hamonoana ny otrikaretina na mikraoba dia sasao amin'ny rano mamay misy savony, ampiana eau de Javel izany.

## 4. Fanovaovàna ny Fomba Fatory

Ny olona izay tena reraka be ary tsy afaka mivadika irery dia tokony ampiana mba hanova ny fomba fatoriny ao am-pandriana im-betsaka ao anatin'ny tontolo andro. Izany dia mba hisorohana ny fery ateraky ny fatoriana ela (jereo p. 214).

Ny zaza izay marary maharitra ela dia tokony ampofoin-dreniny matetika. Ny fanovana matetika ny fomba fatorin'ilay olona ihany koa dia manampy amin'ny fisorohana ny pneumonia, izay zava-doza lalandava ho an'ny olona malemilemy na marary ka mila matory eo am-pandriana mandritra ny fotoana ela. Raha misy hafanana, manomboka mikohaka ilay olona, ary misefo haingana be, mifoka rivotra marivo, dia mety voan'ny pneumonia izy (jereo p. 171).

## 5. Mijery ny Fiovana

Tsy maintsy jerenoa ny fiovàna eo amin'ny fahasalamana'ilay olona marary izay afaka hilaza aminao raha mihà-salama na mihà-marary ilay olona. Tehirizo ny fitanana an-tsoratratra ny 'famantarana ny ainy'. Soraty ireto tranga manaraka ireto in-4 isan'andro:




Soraty ihany koa ny habetsaky ny rano izay nosotroin'ilay olona ary im-piry isan'andro izy no nivalandrano ary nisy fihetsehan'ny tsinay. Tehirizo ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana na ny dokotera io fampahafantarana io.

Tena zava-dehibe ny mandinika ny mety ho tranga ahafantarana fa sarotra ny aretin'ilay olona ka mety mahafat azy. Misy lisitry ny **Famantarana ny Aretina Mahafaty** ao anatin'ny pejy manaraka. Raha ahitàna amin'ireo famantarana ireo ilay olona, **dia mitadiava fanampiana aramedikaly eo no ho eo**.



## FAMANTARANA ARETINA MAHAFATY



Ny olona izay maneho iray na maro amin'ireto famantarana manaraka ireto dia mety marary mafy tokoa ka tsy afaka tsaboina ao an-trano fa mila mpitsabo mahay sy kinga. Mety hatahorana ny ainy. **Mitadiava dokotera mpitsabo faran'izay haingana.** Mandrapahatongan'ny fanampiana dia araho ireto torohevitra ao amin'ireo pejy voalaza.

page


1. Fahaverezan-drà be dia be amin'ny na aiza na aiza eo amin'ny vatana .....	82, 264, 281
2. Mandrehoka rà .....	179
3. Fahamanganan'ny molotra sy ny hoho (raha tranga vaovao izany) .....	30
4. Fahasarotana eo amin'ny fainàna; tsy mihatsara na maka aina aza .....	167, 325
5. Tsy afaka fohazina ilay olona (tsy mahatsiaro tena mandritra ny fotoana maro) .....	78
6. Reraka loatra ilay olona ka torana izy rehefa mitsangana .....	325
7. Roa ambin'ny folo ora na mihoatra tsy afaka mivalan-drano.....	234
8. Iray andro na mihoatra tsy mahavita misotro rano .....	151
9. Fandoavana be na aretim-pivalanana be izay maharitra mihoatra ny iray andro na mihoatra ny ora vitsy ho an'ny zazakely .....	151
10. Diky miloko mainty toy ny godorao, na loa misy rà na maloto .....	128
11. Aretim-bavony be tsy mitsahatra, miaraka amin'ny fandoavana eo amin'olona voan'ny aretim-pivalanana na tsy afaka mihetsika ny tsinainy . . . . .	93
12. Ny fanaintanana tsy mijanona rehetra izay maharitra mihoatra ny 3 andro .....	29-38
13. Hatoka henjana sy lamosina vokoka, valanorano henjana be na tsia .....	182, 185
14. Fanintonana mihoatra ny in-dray (fihetsehana tampoka) eo amin'ny olona misy hafanana be na marary be .....	76, 185
15. Hafanana ambony be (mihoatra ny 39° C) izay tsy mety midina na maharitra mihoatra ny 4 na 5 andro .....	75
16. Fahaverezan-danja mandritra ny fotoana maharitra .....	20, 400
17. Rà amin'ny fivalanan-drano .....	146, 234
18. maharary izay tsy mitsahatra mitombo ary tsy mety afaka na dia efa tsaboina aza. ....	191, 196, 211, 212
19. Fivontosana na aiza na aiza eo amin'ny vatana izay izay tsy mitsaha-mitombo . . . .	196, 280
20. Fiakaran'ny tosi-drà ambony be (220/120 na mbola ambony) .....	327
21. Olana eo amn'ny fitondrana vohoka sy fiterahana:  fandehanan-drà mandritra ny fitondrana vohoka. ....	249, 281
fiakaran'ny tosi-drà (140/90 na mbola ambony) .....	249
fahatarana ela be aorian'ny fahavakisan'ny ranon-doha sy fiantombohan'ny fiterahana .	267
fandehanan-drà be. ....	264

## AMIN'NY FOTOANA INONA NO MITADY FANAMPIAN'NY DOKOTERA MPITSABO ARY AMIN'NY FOMBA AHOANA

Mitadiava fanampian' ny dokotera mpitsabo raha vantany vao misy famantarana aretina mahafaty. Aza andrasana harary be ilay olona ka lasa sarotra na tsy afaka atao ny mitondra azy eny amin'ny tobim-pitsaboana na hopitaly.

Raha toa ka haharatsy kokoa ny toe-batan'ilay olona marary na maratra ny fahasaratana eo amin'ny filanjana azy mankany amin'ny tobim-pahasalamana dia ezaho ny mitondra ny mpiasan'ny fahasalamana mankeo aminy. Fa raha toa ka sendran'ny vonjy taitra ka mila fikarakarana manokana na mety ilàna fandidiana (ohatra hoe *appendicitis*) dia aza miandry ilay mpiasan'ny fahasalamana. Ento avy hatrany any amin'ny tobim-pitsaboana na hopitaly ilay olona.

Raha mila entina eo ambony filanjàna ilay olona, ataovy azo antoka fa mahazo aina tsara izy ary tsy hianjera. Raha toa ka misy taolana tapaka dia asio fanohanana azy tsy hihetsika izany alohan'ny hibatàna azy (jereo p. 99). Raha mahery be ny masoandro, velaro lamba eo ambonin'ny filanjàna mba hialofana ilay marary fa avelao hisy tso-drivotra avy ao ambaniny.



## INONA NO LAZAINA NY MPIASAN'NY FAHASALAMANA

Ilaina ny ieren'ny dokotera na ny mpiasan'ny fahasalamana ny marary vao hanoro hevitra ny tokony hatao, na hanome fanafody na fitsaboana izy ireo. Raha toa ka tsy afaka hetsehina ilay marary dia asaivo tonga mijery azy ilay mpiasan'ny fahasalamana. Raha tsy afaka atao izany dia iraho ny olona iray izay mahalala ny antsipirihin'ilay aretina. **Aza maniraka ankizy kely na olona adala.**

Alohan'ny hitadiavana fanampian'ny dokotera mpitsabo dia zahao tsara tanteraka aloha ilay olona marary. Avy eo dia soraty amin'ny andinidininy ny momba ilay aretina sy ny toe-javatra amin'ny ankapobeny (jereo ny Toko 3).

Ao amin'ny pejy manaraka dia ahitanao endrin ny atao hoe **TATITRA MIKASIKI NY MARARY**. Misy dika maro amin'io taratasy fenoina io any amin'ny faran'ity boky ity. Rovito ny iray amin'ireo taratasy fenoina ireo ary fenoy tsara ilay tatitra, omeo amin'ny andinidiany izay filazàna rehetra afaka omenao.

**Rehefa maniraka olona hitady fanampiana ara-medikaly ianao dia  
ampiaraho aminy foana ny taratasy fampahalalàna efa nofenoina**

Anaran'ilay marary: \_\_\_\_\_ Taona: \_\_\_\_\_

Lahy \_\_\_\_\_ Vavy \_\_\_\_\_ Aiza no misy azy? \_\_\_\_\_

Inona ny aretina na olana lehibe amin'izao? \_\_\_\_\_  
\_\_\_\_\_  
\_\_\_\_\_

Oviana no nitrangan'izany? \_\_\_\_\_

Ahoana ny fomba nitrangan'izany? \_\_\_\_\_

Efa nanjo io olona io ve izany olana izany teo aloha? \_\_\_\_\_ Oviana? \_\_\_\_\_

Misy hafanana ve? \_\_\_\_\_ Firy haavony? \_\_\_\_\_ °C

Oviana ary naharitra hafiriana? \_\_\_\_\_

Misy manaintaina? \_\_\_\_\_ Aiza? \_\_\_\_\_ Toy ny ahoana? \_\_\_\_\_

**Inona no tsy mety na tsy toy ny mahazatra amin'reto manaraka ireto?**

Hoditra: \_\_\_\_\_ Sofina: \_\_\_\_\_

Maso: \_\_\_\_\_ Vava sy tenda: \_\_\_\_\_

Filahiana na fivaviana: \_\_\_\_\_

**Fivalanan-drano:** Betsaka sa kely? \_\_\_\_\_ Lokony? \_\_\_\_\_ Olana amin'ny fivalanan-drano?

Farito: \_\_\_ isa isaky ny 24 ora: \_\_\_ isa amin'ny alina: \_\_\_

**Diky:** Loko? \_\_\_ Rà na rehoka? \_\_\_\_\_ Mivalana? \_\_\_\_\_

Im-piry ao anatin'ny iray andro: \_\_\_ Fikankona? \_\_\_ Fahaverezan-drano? \_\_\_\_\_

Malefaka sa mahery? \_\_\_\_\_ Kankana? \_\_\_\_\_ Karazany inona? \_\_\_\_\_

**Fiaina:** Fiaina isa-minitra: \_\_\_ Lalina, marivo, sa ara-dalàna? \_\_\_\_\_

Fahasorotan'ny fisefoana (farito): \_\_\_\_\_

Kohaka (Farito): \_\_\_\_\_

Sohiaka? \_\_\_ Rehoka? \_\_\_ Misy rà? \_\_\_\_\_

**Maneho FAMANTARANA ARETINA MAHAFATY** voatanisa ao amin'ny pejy page 42 ve ilay olona?  
Inona izany? (omeo ny antsipirihiny) \_\_\_\_\_

### Famantarana hafa

Mihinana fanafody ve ilay olona? \_\_\_ Inona? \_\_\_\_\_

Efa nihinana fanafody izay nampibontsibontsina na tandomerina (na mivontovonto) azy ve ilay olona? \_\_\_ mangidihidy, na misy zavatra tsy zaka? \_\_\_ Inona? \_\_\_\_\_

Ny toe-pahasalamany marary dia: Tsy tena mafy: \_\_\_ Mafy: \_\_\_\_\_

Mafy be: \_\_\_\_\_